


# NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO



*Ny gazetin'ny fiompana trondro eto Madagasikara  
Jona 2018 - n° 39 - Mivoaka isaky ny telo volana*

## NY VEHIVAVY SY NY Fiompana TRONDRO

### ANDRAIKITRY NY VEHIVAVY EO AMIN'NY FAMOKARANA (P.3)



**IREO VEHIVAVY  
MPIASAN'NY  
APDRA !  
(P.10-11)**

**Atsinanana  
JONO LAOBAZAHIA,  
ASAM-BEHIVAVY (P.9-10)**



## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Faly manolotra anareo ity laharana vaovao ity indray ny ekipan'ny gazety « Ny Feon'ny Mpiompy Trondro ». Homentsika lanja manokana amin'ity ireo vehivavy izay mandray anjara mavitrika amin'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro eto Madagasikara. Horesahintsika ato ny toeran'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fiompiana trondro. Hasehon'ny lahatsoratra anareo koa fa afaka mampihatra io asa io, tahaka ny lehilahy, ny vehivavy.

Hotaterinay aminareo mialoha ny fijoroana vavolombelona ataoñireo vehivavy mpiompy trondro avy ao Itasy sy Analamanga momba ny andraikitra raisiny eo amin'ny famokarana. Aorian'izay dia lahatsoratra maro mampisongadina ny fahavononana sy fikirizan'ireo vehivavy mpiompy trondro no hatolotray anareo miandalana :

- Vehivavy iray avy ao Amoron'i Mania izay sady mpikarakara tokantrano no mpamokatra zana-trondro ary mpampiofana,
- Vehivavy iray monina ao Itasy izay naharesy lahatra ny vadiny hanamboatra dobo barazy,
- Vehivavy mpiompy trondro iray avy ao Atsinanana izay nanao fanamby tamin'ny vadiny mpiompy tantely,
- Vehivavy roa avy ao Vakinankaratra, ny iray lasa mpampiroborobo ny teknika fanajariana tanimbary ary ny iray kosa mameleona ny ankohonany amin'ny fiompiana trondro,
- Vehivavy maty vady iray ao Matsiatra Ambony, izay nandray ny asan'ny vadiny. Amin'ny farany dia hoentinay aminareo ny momba ny vehivavy iray mpanjono laobazaha sy ireo vehivavy mpiasan'ny APDRA.

Toy ny mahazatra, vaovao vitsivitsy no hialoha ireo lahatsoratra ireo : fanolorana ny tetikasa vaovaon'ny APDRA eto Afovoan-tany, tsoa-kevitry ny tombana voalohany mikasika ny gazetintsika, fanombanana ny fiantraikan'ny fanapariahan'ireo tantsaha mpampita amin'ny sehatra midadasika ny fiompiana an-tanimbary. Mirary fahafinaretana ho anareo eo am-pamakiana ity laharana ity, manantena ny firosoan'ireo vehivavy sasany amin'ny fiompiana trondro.

**Ny ekipan'ny FMT**

## VAOVAO TAPATAPANY

### TETIKASA VAOVAO ETO AFIVOAN-TANY

Hanohizana ny tetikasa PADPP (Projet d'Appui au Développement de la Pisciculture Paysanne) ao Afovoan-tany dia natomboka tamin'ny 15 aogositra 2017 ny tetikasa PADM (Projet d'Aquaculture Durable à Madagascar).

Ny Coopération Allemande, ny GIZ, no mamatsy vola izany hatramin'ny volana jona 2021.

Hotohizan'io tetikasa io ny fampandrosoana ny fiompiana antanimbary ao Afovoan-tany, ny fandrafetana sy fanatsarana ny rohi-pihariana. Hohamafisina miaraka amin'ny PADM ny asan'ny APDRA any amin'ireo faritra efatra niasan'ny PADPP, dia Itasy, Vakinankaratra, Amoron'i Mania sy Matsiatra Ambony. Isan'ny tanjon'ny tetikasa ny hahakasika ny 35 isan-jaton'ny vehivavy mpiompy trondro an-tanimbary.

## TOMBANA NATAO TAMIN'NY GAZETY NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

Feno 14 taona ankehitriny ny Feon'ny Mpiompy Trondro ; laharana miisa 39 izay ahitana laharana manokana 4 no voatonta hatramin'ny niorenany. Lohahevitra maro arateknika sy ara-pandaminana momba ny sehatry ny fiompiana trondro no voaresaka. Betsaka ny lahatsoratra nahafahan'ireo mpisehatra maro, indrindra fa ireo tantsaha izay - iantefan'ny gazety voalohany -, nizara vaovao sy traikefa tamin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelona na ny fanoratana lahatsoratra mivantana, ankoatra ireo lalaon-tsaina sy torohevitra aratsakafo izay nankafizin'ny mpamaky.



© APDRA 2018

Ireo mpandray anjara tamin'ny atrikasa

Ny FMT dia fitaovan-tserasera, fampitam-baovao sy fanentanana amin'ny fampiharana ny fiompiana trondro. Nahaliana ny ekipan'ny fanoratana, araka izany, ny nanatontosa ny atrikasa tombana, ny 5 sy 6 aprily 2018 tao Antsirabe, niaraha-nidinika izay tsara tokony hotohizana sy ireo lesoka mila fanarenana.

Nandray anjara mavitrika tamin'izany ireo solotenan'ny mpanoratra, ny mpamaky, ireo mpiara-miombon'antoka isan-karazany sy ireo teknisianina avy amin'ny faritra fito izarana ny gazety. Nahazoana tsoa-kevitra manan-danja ho fanatsarana ny endriny, ny votoatiny, ny fomba fanapariahana sy ny fampaharetana azy ny iray andro sy tapany nikaon-andoha. Teo am-pamaranana dia nahatsapa ho afa-po ny mpivory ary miandranda fanavaozana amin'ny laharan'ny gazety manaraka. Araraotinay etoana ny misaotra ireo mpivory tamin'ny fandraisan'izy ireo anjara !



© APDRA 2018

Fitadiavana lohahevitra teo anivon'ny vaomiera

## FANOMBANANA NY PAIKADY FANAPARIAHANA AMIN'NY SEHATRA MIDADASIIKA NY FIOMPIANA TRONDRO AN-TANIMBARY

Isan'ny paikady nampiharin'ny tetikasa PADPP2 (Projet d'Appui au Développement de la Pisciculture Paysanne – Phase 2) ny fanapariahana amin'ny sehatra midadasika ireo teknika nohatsaraina amin'ny fanatavizana karpa an-tanimbary ao Afovoan-tanin'i Madagasikara. Notsindrina tamin'ny alalan'ny fampiofanana sy fametrahana tantsaha mpampita, niraha-niasa tamin'ny FIFATA, izany fanapariahana izany. Ny volana oktobra 2017, notanterahin'i Laurent Dietsch, mpiasan'ny birao TERO, ny fanombanana ny fiantraikan'io paikady io. Notanterahina tao Antsirabe, ny volana marsa lasa teo, ny atrikasa, naharitra 3 andro, nanolorana ny valin'ny tombana sy ny soso-kevitra fanatsarana tamin'ireo mpisehatra voakasika.

Nahafahana nandalina lohahevi-dehibe maro toy ny fomba mety hanatsarana ny paikady, ny fahasaratana'ny fampiharan'ny tantsaha ireo teknika nohatsaraina, ny fomba fizotry ny fanovana ny teknika ampiharina, ny fitsinjarana ny andraikitra sy ny asa eo amin'ny ACP (teknisianin'ny APDRA), ny tantsaha mpampita ary ireo teknisianina mpampita. Voaentana tamin'ny fitadiavana fomba manokana hanampiana amin'ny famahana olana koa ny ekipan'ny APDRA.



Fampahafantarana nataon'i Laurent Dietsch nandritra ny atrikasa

© APDRA 2018

## NY VEHIVAVY SY NY FIOMPIANA TRONDRO

### Analamanga sy Itasy

### ANDRAIKITRY NY VEHIVAVY EO AMIN'NY FAMOKARANA

Maneho ny fijoroana vavolombelona ataon'ireo vehivavy mpiompy trondro ao amin'ny faritra Analamanga sy Itasy mikasika ny andraikitr'izy ireo eo amin'ny lafiny famokarana ity lahatsoratra ity. Tian'izy rehetra ny mandray anjara mivantana amin'ny asa mba hahazoam-bokatra tsara. Avelan'izy ireo ho an'ny lehilahy kosa ny asa mila herim-batana.



© APDRA 2018

Rahantanirina mikarakara ny fanamasahana

Rahantaniria Lydia Chantal, 47 taona, vadindRanaivo Raymond, dia mpiompy trondro antanimbary tohanan'ny tetikasa AMPIANA. Mananjaka telo izy ary monina ao Ambohitsilaizina Andriatemporay, kaominina Ambatomirahavavy, distrikan'Arivonimamo, faritra Itasy.

« Mikasika ny asa fiompana trondro an-tanimbary dia tsapako fa mifameno ny lahy sy ny vavy ary tokony hifanampy. Ny vadiko no manao ny asa ilaina herin-tsandry toy ny fampiakarana tahalaka, ny fanaovana tata-belona sy ny dobo fampanatodizana ary ny fandrafetana talatalampanatodizana. Izay tsy vitany no anakaramana. »

« Izaho kosa no mikarakara ny zezika fanamasahana, manangona ny ambin-tsakafo ary mitondra izany eny antanimbary. Nilaza ny vadiko fa tsy vitany irery ny asa fa ilana fifanotronana satria izay tsy mahay sobika mahay fatrambary. Izany no mahatonga anay hiaraka hatrany rehefa misy fiofanana. »

« Zava-dehibe amiko ny mandray anjara mivantana amin'ny fikarakarana ny fiompana trondro. Fahafinaretako mihitsy izany sady ahafahako mampihatra an-tsakany sy an-davany ny teknika rehetra. »

## Ny Feon'ny Mpiompy Trondro n° 39

**Rasoarinelina Lucie Clarisse dia mpanatavy trondro ao Ankadiefajoro, kaominina Nandihizana, distrikan'i Manjakandriana, faritra Analamanga.**

« Heveriko fa azon'ny vehivavy atao ny miompy trondro fa tsy voatery ho an'ny lehilahy irery ihany akory. Nandrisika ahy hanatavy trondro ny fahitako fa tsy mandany fotoana betsaka izany ary tsy mba azon'aretina toy ny kisoa sy ny akoho ny trondro. Teknikam-pamokarana nentim-paharazana no nataoko teo aloha ka nampiasako karazan-trondro maro izay tsy mifanentana amin'ny velaran-tany amokarana akory ny isany. »



*Lucie mitondra sakafo ho an'ny trondrony*

« Roa taona izao no nanarahako teknika [nampianarin'ny APDRA] ka nahazoako vokatra nahafa-po. Nahafahako nampihena ny fotoam-piasako sy nahazoako vola ny fampiharana izany. Manakarama olona aho amin'ny fiasana tany, ny fanamboarana dobo fierena, ny fampiakarana sy fanatevenana tahalaka saingy andraikitro samirery kosa ny fanaraha-maso ny toeram-piompiana, ny fanaterana sakafo sy fanamasahana. Tanterahiko mialohan'ny asa hafa toy ny fikarakarana tokan-trano sy ny fambolena hafa izany. Vinako ny hampitombo ny isan'ny zana-trondro sy ny velaran-tany amokarana satria hitako fa tena mbola malalaka ny tsena eto an-toerana sady tsy mila mandeha lavitra aho mandafo ny trondroko. »

**Razanamiandrisoa Ruffine Félicité dia monina ao Antalakimaso Ambohidranomanga, Antanetibe Mahazaza, faritra Analamanga. Mpampianatra misotro ronono izy ary mamboly sy miompy (omby, akoho, trondro) no ataony ankehitriny. Manambady izy ary manan-janaka dimy.**

« Ny vadiko no niandraikitra ny fiompiana trondro tany amboalohansaiingytapa-kevitrany hanampy azy ahosatria hitako fa tsy arany intsony. Fantatro mantsy fa mila fanaraha-maso akaiky ny fanatanterahana ny asa toy ny fampanatodizana. Tena mahaliana ahy ihany koa ny fiompiana trondro. Ny asa mila herin-tsandry no ataon'ny vadiko fa ny fanomezana sakafo, ny fitondrana zezika fanamasahana ny dobo sy ny tanimbary, ny fanaraha-maso ny trondro (zana-trondro, reni-trondro, trondro matavy) sy ny rano ao amin'ny toeram-piompiana no andraikitro. Ataoko ihany koa ny fanadiovana ny toeram-piompiana rehefa tsy afaka ny vadiko. Noho izany dia nanatrika fiofanana koa aho mba hahaizako ny teknika toy

ny fikajiana ny fatran'ny zezika tokony hoentina, sns. »  
« Maminavina ny hampitombo ny isan'ny zana-trondro sy ny toeram-piompiana izahay mba ho tonga asa fiveloman'ny fianakaviana mihitsy ilay fiompiana trondro. »

**Rasoarimalala Saholinirina, monina ao Fihaonana, kaominina Fihaonana, distrikan'Ankazobe, faritra Analamanga. Vadin-dRazakamiaramanana Tsimba Jaona izy ary manan-janaka iray.**

« Hatramin'ny taona 2007 no niompinay trondro nefy tsy mbola nahazo fiofanana izahay ka karazan-trondro telo (tilapia, trondro gasy, karpa) no nompianay tamin'ny fomba nentim-paharazana. Lahy sy reni-trondro 10 tsy vita avaka no nampiasainay ka 1 200 monja no zana-trondro azo. Ny vokatra trondro matavy kosa dia kely ka nataonay sakafo. »



*© APDRA 2018*

*Saholinirina manoloana ny dobony*

« Tamin'ny taona 2015 izahay vao nahay nanavaka ny karpa lahy sy vavy, vokatry ny fampiofanana nomen'ny APDRA. Reni-trondro efatra ihany no nampiasaina ka nahavokarana zana-trondro miisa 13 000. Nahavokatra trondro matavy 50 kilao tamin'ny velaran-tany 10 ara mahery kely koa izahay. »

« Ny andraikitro amin'ny fiompiana trondro dia ny fanaterana fanamasahana sy sakafo ho an'ny trondro. Izaho koa no manadio ny toeram-piompiana ary maka sy manisa ireo zana-trondro amidy. »

« Nahafahanay nanamboatra trano, nividy omby roa, nanova ny dobo fampanatodizana ho biriky ny fiompiana trondro. Asa tsotra ny fiompiana trondro ary mahavelona raha toa ka manaraka teknika. »



*© APDRA 2018*

*Félicité*

# VEHIVAVY, MPAMOKATRA ZANA-TRONDRO SADY MPAMPIOFANA AMIN'NY FIOMPIANA TRONDRO AN-TANIMBARY

Razanamahandry Vololomamanjy dia mpiompy trondro an-tanimbary. Ao Ambodiriana, fokontany Soanirina, kaominina Kianjandrakefina, distrikan'Ambositra, izy no mipetraka. Manambady ary manan-janaka dimy izy. Maneho ny fomba fandrindrany ny asa amin'ny maha-reny, mpamokatra zana-trondro ary mpampiofana azy ity lahatsoratra ity.

Ankoatra ny fiompana trondro dia miompy omby, akoho, bitro ary mamboly ihany koa Razanamahandry mivady. Efa ho 20 taona no niompian'izy ireo trondro ary tamin'ny taona 2011 dia tafiaraka tamin'ny teknisianin'ny APDRA sy ny BVPI izy ireo. Tamin'izany no nanomboka nanatsara ny fomba famokarana trondro matavy izy ireo. Rehefa nitombo ny fahaiza-manaon'izy ireo dia niditra tamin'ny famokarana zana-trondro.



Razanamahandry nandritra ny fampiofanana tanora

Razanamahandry dia mihevitra fa tokony hifanampy ny mpivady amin'ny asa fivelomana ka izany no nahatapakevitra azy hirotsaka amin'ny famokarana zana-trondro ; ny vadiny rahateo filoham-pokontany ka misahana andraikitra maro eo amin'ny fiarahamonina.

## Fitantanana ny asa sy ny fotoana

Hitan-dRazanamahandry fa mety aminy ny fiompana trondro satria tsy mitaky herin-tsandry na fotoana betsaka. Tsy sarotra taminy ny nampiaraka izany tamin'ny raharaha hafa. Ny asa fanajariana toy ny fanamboarana tahalaka sy ny fandavahana dobo fierena ihany no ilany ny fanampian'ny vadiny.

Araka ny heviny dia tsy asan'ny kamo velively ny fiompana trondro fa mitaky fahaiza-mandamina asa sy fahavononana.

Ny maraina sy ny hariva izy no mandalo mikarakara ny trondro eny an-tanimbary.

## Mizara fahaiza-manao sy mampiofana

Nampirisika an-dRazanamahandry hanentana ireo manodidina azy amin'ny fiompana trondro ny vokatra tsara azony. Raha zana-trondro 1 000 no novokariny tany

am-boalahany dia tafakatra 12 000 izany tamin'ny fotoam-piompana 2017-2018.

Maro amin'ireo mpividy ny zana-trondrony no mangataka torohevitra aminy hanatsarana ny famokarana. Mahakasika ny teknika fanajariana, ny famahanana, ny fitantanana ny rano, ny hakiroka, sns. izany. Ny fitiavany mizara fahalalana no nanosika azy hanao « tantsaha mpampita » sy mpampiofana amin'ny fiompana trondro an-tanimbary.

Tanora 13 izao no nomeny fiofanana, nandritra ny fotoam-pamokarana 2016-2017, vokatry ny fiaraha-miombon'antoka amin'ny FORMAPROD (Programme de Formation Professionnelle et D'Amélioration de la Productivité Agricole), tetikasa iray mamatsy vola ny fampiofanana ireo tanora tantsaha ao amin'ny faritra ho lasa matihanina.

## Mioly tombotsoa betsaka

Tombotsoa maro no azon-dRazanamahandry tamin'ny fanatanterehana ireo asa rehetra ireo. Ho an'ny taompamokarana 2017-2018 dia zana-trondro mihoatra ny 10 000 no lafony tamin'ny 100 hatramin'ny 200 Ar ny iray. Niisa 2 000 kosa ny zana-trondro noatavizina. Araka izany dia mampitombo ny vola iatrehany ny filan'ny fianakaviany sy ny fianaran-janany ny zana-trondro vokariny.

Ankoatra izay dia afaka mampita amin'ny zanany ny fahaiza-manaony amin'ny fiompana trondro koa izy.

Ny fifaneraserany tamin'ireo mpiompy hafa, noho ny asany, dia manatsara ny fifandraisany amin'ny fiarahamonina, manitatra ny fahalalany ary manazatra azy amin'ny fandraisana andraikitra hampandrosoana ny fokontany misy azy.



Fitsidhana ny toeram-piompana ataon-dRazanamahandry

## Itasy

# MIASA MBA HAHARESY LAHATRA NY VADINY

Amin'ny ankapobeny dia ny lehilahy no mandray fanapahan-kevitra rehefa misy asa goavana toy ny fanamboarana dobo barazy. Ao anatin'ity tranga hasehonay anareo ity dia avy amin'ny vehivavy indray ny hevitra hampiharana ny teknika. Ny fahaiza-manaony no nahafahany nandresy lahatra ny vadiny amin'ny asa tokony hatao.

Razanamamonjy Aurélie, antsoina hoe Raôry, dia nandresy lahatra ny vadiny hanao fiompiana trondro an-dobo barazy tamin'ny alalan'ny fandraisany anjara mivantana tamin'ny asa sy ny finiavana nananany. Marihina fa efa ho taona maromaro no niarahan-dRaôry mivady niasa tamin'ny APDRA Itasy tamin'ny lafiny famokarana zana-trondro sy trondro matavy an-tanimbary.

Niteraka adihevitra be teo amin-dRaôry sy ny vadiny ny fiheverana hanao dobo barazy manoloana ny vola mety ho lany amin'ny fanatanterahana izany. Tamin'ny farany anefa dia resiny lahatra tamin'ireo tombotsoa mety ho azo amin'ny fiompiana an-dobo barazy ny vadiny.

### Miasa avy hatrany

Nandritra ny taona nanombohan-dRaôry mivady nanangana dobo barazy sy namokarany trondro dia nifanohitra hatrany ny hevit'izy ireo. Isaky ny hanomboka asa dia fanaondRaôry ny mandresy lahatra ny vadiny amin'ny antony ilàna izany. Rehefa tsy resiny lahatra ny vadiny dia tanterahany avy hatrany ny asa, araka ny torohevity ny teknisianina. Notanterahiny daholo ny karazan'asa rehetra. Rehefa nahita ny asa vitany ny vadiny dia nirotsaka nanampy azy tamin'ny asa fanamboarana ihany.

Marihana fa nahafaly an-dRaôry ny fanatrehan'ny vadiny ny fitsidihana narahim-pifanakalozana izay nokarakarain'ny APDRA tany Vatomandry. Heveriny fa mahamora ny asa mety mbola hotanterahina hanatsarany ny vokatra azony mantsy izany. Hatreto aloha dia hitany fa nampahomby ny asa natao sy ny fanombohana ny famokarana ny fanapahan-kevitra



Fampiakaram-bokatra niarahan-dRaôry tamin'ny ekipan'ny APDRA Itasy

rehetra noraisiny. Taorian'ny fotoam-pamokarana 8 volana, tamin'ny 2017, dia trondro matavy 128 kilao no azon'izy mivady tamin'ny dobo barazy mirefy 28 ara. Nanamafy ny faharesen-dahatry ny vadin-dRaôry amin'ny filàna ireo asa natao ny fahazoana io vokatra voalohany io.

### Atsinanana

## REHEFA MIFANAMBY AMIN'NY FIOMPIANA TANTELY NY FIOMPIANA TRONDRO

Ao Ampitak'ihosy, distrikan'i Mahanoro, no monina i Zafisoa Sylvie, 39 taona, vehivavy mpiompy trondro. Tamin'ny taona 2015 ny vadiny no nanamboatra dobo ka notohan'an'ny APDRA. Herintaona taorian'izay no nandraisani' Sylvie ny fitantanana ny fiompiana trondro raha nivadika nisahana ny fiompiana tantely ny vadiny. Tamin'ny 2017 izy no tapa-kevitra hanao fanamby tamin'ny vadiny fa hampidi-bola betsaka kokoa miohatra amin'ny azon'ny vadiny amin'ny fiompiana tantely. Indro àry ny fanadihadiana natao taminy.

**FMT : Inona no nandrisika anao hiandraikitra samirery ny fitantanana ny dobo fiompiaranareo ?**

**Sylvie :** Mpanjono ny raiko ary tena nahafinaritra ahy ny resaka jono sy trondro hatramin'ny nahakely ahy. Indraindry aza aho mbola manohy ny fanjonoana ao amin'ny ranon'ihosy miaraka amin'ireo vehivavy eto an-tanàna.

**FMT : Tamin'ny taona firy no nanombohanoao nitantana samirery ny dobo fiompiana ?**

**Sylvie :** Noraisiko tamin'ny vadiko ny fitantanana tamin'ny taona 2016. Betsaka ny asa famokarana sahaninay ka nanapa-kevitrany hifampizaraizany izahay mbahampandeha

tsara ny asa tsirairay.

**FMT : Ahoana ny fahitanao ny fiompiana trondro miohatra amin'ny asa hafa ? Sarotra kokoa ve izany ?**

**Sylvie :** Raha tsy resahina ireo dingan'ny fanorenana, ny fanaraha-maso ny asa ao an-dobo dia tsy mitaky fotoana na koa vola betsaka miohatra amin'ny fiompiana hafa, mbola ahazoana vokatra mahafa-po ihany anefa izany.

**FMT : Afaka mihoatra ny fiompiana tantely marina ve ny fiompiana trondro ?**

**Sylvie :** Narahiko maso ny fivoaran'ny vokatra trondro hatramin'ny 2015 : 23 kilao ny vokatra tamin'ny 2015, ary 68



Sylvie

© APDRA 2015

kilao tamin'ny vokatra farany tamin'ny desambra 2017 (fotoam-pamatavizana fahatelo). 720 000 Ar isaky ny enim-bolana eo ho eo ny vola ampidirin'ny fiomopianay tantly. Raha namidiko daholo ny vokatra farany, taorian'ny fotoam-piompiana enim-bolana, dia nahazo 680 000 Ar izahay.

Tanjoko amin'ny famokarana manaraka, volana jona, ny hahazo vokatra 100 kilao farafahakeliny, hahazoana vidin-trondro 1 000 000 Ar. Mino aho fa hotanterako izany satria efa hitako soritra ny hevitra sy ny paikady harahina. Manana dobo barazy mirefy 24 ara aho, trondro maharaka ny haktroka izay kasaina hampiakarina. Manomboka voafehiko tsara ny teknikam-piompina ary manana omby afaka hanome ny zezika ilaina amin'ny fanamasahana dobo koa aho. Izany no mahatonga ahy manao fanamby : afaka mihoatra ny vokatra tantelin'ny vadiko ny vokatry ny fiompiako trondro.

**FMT : Misy teny tianao hambara amin'ireo vehivavy mpiompy trondro ve ?**

**Sylvie :** Asa azon'ny vehivavy atao tsara ny fiompiana trondro. Araka izany dia tokony hotohizana hatrany izany ary tsy tokony ho kivy, na inona na inona olana miseho.

## Vakinankaratra

# MAMASOLO, MPAMPIROBOROBO NY FIOMPIANA AN-TANIMBARY

*Mamasolo, vehivavy mpiompy trondro ao Ampandrotrarana, kaominina Vinaninkarena, dia tsy narisika tamin'ny lafiny fanajariana teo aloha. Ny zanany Ranaivoarisoa Barisaona no nandresy lahatra azy ka nahatonga azy ho voalohany amin'ny fampiroboroboana izany amin'ny mpiompy manodidina. Tantarainy amintsika ny nahatonga azy hiova hevitra.*

« Nanomboka niara-niasa tamin'ny APDRA ny zanako ahy Barisaona ny taona 2010. Tamin'io fotoana io dia notoheriko ny teknika fiompiana trondro an-tanimbary satria noheveriko fa mahakely ny faritra ahafahako mamokatra vary ny fanaovana fanajariana (fametrahana dobo fierena sy tahalaka lehibe). »

« Tsy nitsahatra nandresy lahatra ahy ny zanako satria tanjony tamin'izany ny hamokatra trondro : zana-trondro sy trondro matavy. Roa taona taty aoriana, vonona izy, kanefa tsy te hanery ahy, ny hanonitra ny vary tokony ho vokatra eo amin'ny toerana nasiana tahalaka sy dobo fierena. Nanaiky ihany aho tamin'ny farany. »

« Tamin'ny fanombohan'ny fotoam-pamokarana zana-trondro, novinavinaina hamokatra akotry 40 kilao ny faritry ny tanimbary nasiana lakan-drano sy tahalaka, tokony hahazoana 32 000 Ar raha amidy 800 Ar ny iray kilao. Natomboka ny fanajariana narahin'ireo dingana teknika famokarana zana-trondro.

Tamin'ny volana novambra 2014, nivarotra zana-trondro ny zanako. Zana-trondro miisa 1 300 no nalainy, namidy 100 Ar ny iray ka nahazoany 130 000 Ar. Mora taminy ny nandoa ny sandan'ny vary izay tokony hovokariko tamin'io vola azony voalohany io ary mbola nitohy ny fakany zana-trondro. Taorian'ny fotoam-pamokarana zana-trondro dia nitohy tamin'ny fanatavizana ny asa. »

« Naharesy lahatra ahy tamin'ny fahombiazan'ny teknika fiompiana trondro an-tanimbary ny vokatra azony. Amin'izao

fotoana izao dia raikitra amin'ny asany manokana ny zanako ary tsy ato an-trano matetika ka izaho no misahana ny asa fanajariana isan-taona, ny fikojakojana ireo vala fiompiana, ny famahanana trondro, sns. Mitombo koa ireo mpifanolo-bodirindrina tonga mitady zana-trondro na reni-trondro eto ary mangataka torohevitra momba ny teknikam-piompiana an-tanimbary amiko. »



© APDRA 2015

Mamasolo maka trondro ampiterahana miaraka amin'ny zanany lahy

## Matsiatra Ambony

**« TE HO LASA MPIOMPY TRONDRO MATIHANINA AHO »**

Razanabao Florine, monina ao Ankasina, kaominina Sahambavy, dia vehivavy maty vady hatramin'ny 2015. Nandray ny fiompiana trondro, asan'ny vadiny, izy mba ahafahany mamelona ireo zanany enina mianadahy. Izany no tantarainy amintsika ato anatin'ity fanadihadiana ity.

**FMT : Ahoana ny naizaizanao ity fiompiana trondro ity ?**

**Razanabao :** Tsy nahay an'ity teknika fiompiana trondro ity aho talohan'ny nanambadiako fa fiompiana hafa sy fambolena no nataoko. Na dia nanambady aza aho dia tsy mbola nikasika resaka fiompiana trondro satria ny vadiko no nikarakara izany. Taorian'ny nahafatesan'ny vadiko, tamin'ny 2016, no nianarako niompy trondro. Natoron'ny zanako lahy ahy ny teknika ; nanoro hevitra ahy koa ny teknisianin'ny APDRA sy ny filohan'ny fikambananay.

**FMT : Manao ahoana ny refin'ny velaran-tany iompianao ?**

**Razanabao :** Ankoatra ny dobo fampiterahana sy fitehirizana lahi-trondro sy vavi-trondro, manana tanimbari mirefy 15 ara hasiako ny trondro rehetra aho.



Razanabao sy ny zanany vavy

ara ankehitriny. Na teo aza ny teknika nomen'ny teknisianina dia mbola mila torohevitra ihany aho indrindra amin'ny lafiny famokarana zana-trondro. Iriko ny handray anjara amin'ny fitsidihana fifanakalozana mba hahitako sy hahazoako tsara ny traikefan'ny hafa.

**FMT : Taorian'ny fahalasan'an'ny vadinao, nahatsapa fahasahiranana ve ianao ?**

**Razanabao :** Tsapako tokoa ny fahabangan'ny vadiko teo amin'ny lafiny maro : ny fanatanterahana ny asa sy ny fampiharana ireo teknika. Nanenenako mihitsy ny fotoana tokony nararaotiko hianarana fony fahavelony. Tsy afaka nanampy ahy ny kilonga lahy satria raikitra amin'ny asa hafa. Nipetraka teo an-tsoroko daholo ny fandaminana sy ny fitantanana arbola... kanefa vitako ihany izany !

**FMT : Sarotra ve ny mampiaraka ny famokarana zana-trondro amin'ny asa famokarana hafa ?**

**Razanabao :** Ilaina fahaiza-mitantana asa sy fotoana ary indrindra finiavana izany.

**FMT : Araka ny hevitrao, mahavelona fianakaviana ve ny fiompiana trondro ?**

**Razanabao :** Tsy ampy izany ho ahy. Mila manao asa famokarana hafa aho satria kely ny toeram-piompiako. Na izany aza anefa dia nahazoako vola mihoatra an'ireo karazam-piompiana hafa ny fiompiana trondro, tsy be masokarena ary tsy mandreraka. Ny fanamasahana efa misy rahateo.

Amin'izao fotoana izao dia tsy maharaka ny filàna ny zana-trondro vokatra kanefa nahafahako niantoka ny fianaran'ireo zanako sy ny sakafonay ny vola azoko.

**FMT : Inona no fanirianao lehibe ?**

**Razanabao :** Te ho lasa vehivavy mpiompy trondro matihanina aho ahafahako mampiofana ny hafa, mamaly ny filàna zana-trondro eto an-tanànako eny fa hatreny amin'ny kaominina Sahambavy.

**FMT : Inona no hafatra tianao hampitaina amin'ny mpamaky ny gazetintsika ?**

**Razanabao :** Miantefa amintsika vehivavy ny hafatro. Mahereza mampihatra ny fiompiana trondro hahafanareo manampy ny vadinareo. Mampidi-bola izany kanefa tsy sarotra ny manatanteraka azy.

**FMT : Impiry nampanatody karpa ianao izao ?**

**Razanabao :** Indroa izao no nanaovako izany. Tsy mbola mahafa-po ny vokatra azoko (zana-trondro manodidina ny 2 000), raha mitaha amin'ny an'ny vadiko, satria tsy voafehiko ny rano sy ny teknika. Na izany aza anefa dia nahazoako vola ireo karpa namidiko.

**FMT : Nisy fiovany ve ny teknika nampiasaina ary mbola mila mianatra vaovao ve ianao ?**

**Razanabao :** Eny, tsy anjavidy ihany no nampiasaiko hanaovana fitaovam-panatodizana. Tamin'ny 2017, nampiasa gony koa aho, teknika nianarako tamin'ireo mpiompy manodidina. Nitariko ihany koa ny velaran-tany famokaroko zana-trondro : 3 ara teo aloha ary mahatratra 8

Vakinankaratra

## FIOMPIANA TRONDRO NO AMELOMAN'I BEBEZETY NY ANKOHONANY

76 taona Rasoarivony Louisette, antsoina hoe Bebezety. Miisa 9 ny zanany, 32 ny zafikeliny ary efa manana zafiafy betsaka. Nahazo fiofanana momba ny fiompana trondro tamin'ny APDRA izy tamin'ny 2008, nanomboka namokatra zana-trondro tamin'ny taona 2009. Ao Masomanga, kaominina Inanantonana, no amokarany zana-trondro sy trondro matavy.

« Nahafapo ahy sahadysy ny zana-trondro novokariko voalohany. Reni-trondro iray ihany no nananako kanefa afaka nivarotra zana-trondro sy nanatavy aho. Tsara ihany koa ny voka-bariko noho ny fampivadiana ny trondro sy ny vary. Ny fiompana trondro no amelomako ireo zanako, zafikeliko ary zafiafiko. »

« Efa antitra aho ary tsy afaka miasa mafy intsony, ny fiompana trondro no nanampy ahy ka nahazoako vola hanakaramako olona. Amin'izao fotoana izao dia miompy akoho sy kisoa koa aho noho ny vola azoko tamin'ny fivarotana ireo trondroko. »

« Na teo aza ireo olana nosedraiko dia tsy kivy aho. Tena ratsy ny vokatra tamin'ny 2017-2018 noho ny tsy fahampandrano fa teo koa ny tondra-drano. Ny tena nampalahelo ahy dia ny trondroko nangalarin'olona, tamin'ny novambra 2017. Reni-trondro iray no tavela kanefa saika hampiteraka dimy aho. Lasan'ny rano niaraka tamin'ny zana-trondro koa avy eo io reni-trondro io. Vokatr'izany dia trondro vitsivitsy no noataviziko tamin'ny vala fiompana miisa roa monja. »

Mahafinaritra ahy ny miompy trondro satria tsapako faraha miompy omby ianao dia atahorana ny dahalo ary raha mila vola hividianana kahie, ohatra, dia tsy azonao tapahina ny tongotry ny ombinao [hahazoana vola kely ampiasaina]. Amin'ny fiompana trondro kosa, mivarotra



© APDRA 2017

trondro iray na roa kilao dia mahazo vola avy hatrany. Mampirisika anareo hanao fiompana trondro aho satria sady azontsika atao sakafo ny trondro no mampidi-bola. Ankoatra izay, tsy afa-misaraka vary sy ny trondro, na antanimbary na an-dovia ! »

### Atsinanana

## NY FIOMPIANA LAOBAZAHA, ASAM-BEHIVAVY

*Herintaona mahery teo izao no nahaliana ny APDRA tamin'ny laobazaha satria mahomby any amin'ny toeran-kafa maro eto ambonin'ny tany ny fiompana io trondro io ka mety ho vokatra tsara eto Madagasikara koa. Ao anatin'ity lahatsoratra ity, nanadihady vehivavy iray mpanjono laobazaha, Ramatoa Zanety Perline, 35 taona, monina ao Andramangarana ao amin'ny fokontany Ampitak'ihosy, kaominina Tsaravinany, distrikan'i Mahanoro, izahay. Isan'ny tranainy indrindra any amin'ny Morontsiraka Atsinanana ny asany saingy, manoloana ny fahasimbana tsikelikely mihatra amin'ny harena anaty rano, dia mety ho foana tsy ho ela izany...*

### FMT : Inona no antony nisafidiananao ho mpanjono ?

ZP : Eto amin'ny tanànanay, efa lahatra ny fanjonoana fa tsy safidy, satria amin'ny maha-zanaka mpanjono, dia nolovainay tamin'ny ray aman-dreny izany, tahaka ireo dadabe sy nenibe dia toy izay hatrany.

Ny razambenay no namorona sy nampivoatra ny teknika ary nivelonan tamin'ny jono noho ny fisian'ireo ony (Ihosy, Andramangarana...) manodidina ny fokontany. Dia niampita tamin'ny taranaka nifandimby ny teknika, ary tsy nisy fiovana loatra.

### FMT : Oviana ianao no nanomboka nanjono ?

ZP : 10 taona aho no nanomboka nanjono. Amin'izao fotoana izao aho dia anisan'ireo vehivavy 10 matihanina eto an-tanàna.

### FMT : Manao ahoana ny fomba fanjonoana ?

ZP : Misy karazany roa aloha ny fomba fanjonoana :

1) Ilay fanaon'ny lehilahy mampiasa lakana sy harato misy masomasony na karakara madinika,

2) Ilay fanaon'ny vehivavy. Mifanohitra amin'ny ataon'ny lehilahy, tsy mampiasa harato na lakana izahay. Tila na lambaoany (tapa-damba mirefy 2 m x 1,5 m eo ho eo) no anjonoanay.

Manaraka ny halavan'ny morona no anjonoana ka milomano no tena atao. Mitaky ezaka sy fahaiza-manao betsaka izany ary fahafantarana tsara ilay toerana anjonoana ihany koa.

Ny maraina amin'ny ankaboney no andehanana manjono, amin'ny 7 ora hatramin'ny 12 ora, ivondronan'ny vehivavy efatra na dimy. Voafaritra tsara ny andraikiray ny tsirairay : mpitarika iray no mandamina sy manara-maso ny zava-mitranga, manaitra



© APDRA 2017

Ireo vehivavy eo am-panjonoana laobazaha

izy raha misy voay mihaodihaody mandritra ny fanjonoana, vehivary roa mitazona ny zoron'ny tila roa ; ny ambiny kosa mikapoka moramora ny rano hidiran'ny trondro ao amin'ny fandrika sy mamarana ny fisamborana. Mampiasa fandrika

ihany koa izahay rehefa tondraka ny rano ka miakatra.

**FMT : Ny jono ve no tena asa fivelomanao ?**

**ZP :** Tato ho ato izao dia nihena ny trondro ao amin'ny ony. Voatery namboly izahay noho izany satria misy fotoana tsy mahazo trondro fa mody fotsiny ka tsy misy vola azo raisina.

**FMT : Inona no vanim-potoana isamboranareo laobazaha betsaka indrindra ?**

**ZP :** Amin'ny maha-mpanjono ahy dia betsaka ny karazan-trondro fantatray ary miova araka ny vanim-potoana ny vokatra azo. Mahazo kelikely hatrany izahay mandritra ny taona saingy ny volana oktobra hatramin'ny desambra no tena betsaka ny laobazaha. [Herintaona teo ho eo izay], miara-miisa matetika amin'ny APDRA izay mividy ny laobazaha azonay izahay.

**FMT : Misy toerana tena mety amin'ny fanjonoana laobazaha ve ?**

**ZP :** Eny amin'ny morona, amin'ny ankapobeny, toerana ahitana rantsan-kazo betsaka sy ravina no tian'ny laobazaha.

## IREO VEHIVAVY MPIASAN'NY APDRA !

*Lehilahy ny ankamaroan'ny ekipan'ny APDRA eto Madagasikara, misy ihany anefa ary efa mihabetsaka ny asa momba ny teknika izay sahanin'ny vehivavy ! Andeha àry isika hiaraka hamantatra ireo vehivavy izay miasa isan'andro ho fampandrosoana ny fiompiana trondro eto Madagasikara.*

### Sahoby, ACP ao amin'ny faritra Analamanga

ACP (teknisianina) no asan'i Sahoby ao amin'ny APDRA, faritra Analamanga, hatramin'ny taona 2015. Manana tetikasa fiompiana trondro an-tanimbari miaraka amin'ny fianakaviany any Faratsiho izay toerana fiaviany izy. Efa nanana fahalalana mikasika ny fiompiana trondro noho ny fianarana norantoviny izy ka nanamafy izany tao amin'ny APDRA. Ny tena mahafinaritra azy amin'ny asan'ny ACP dia ny fifanakalozana amin'ireo tantsaha sy ny fianarana rehetra momba ny karpa. Ny fivezivezena amin'ny moto no tena nanahirana azy saingy efa lasa fahazarana ho azy izany ankehitriny.

### Julia, ACP ao Itasy

Am-bolana maromaro izay no nandraisana an'i Julia ho ACP tao amin'ny faritra Itasy. Niasa ho an'ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra izy hatramin'ny 2006, hampivoatra ny fiompiana trondro miaraka amin'ny APDRA no tanjony ankehitriny. Heveriny fa mora kokoa amin'ny mahavehivavy azy ny mifandray amin'ny tantsaha. Efa mananjaka izy ka mitaky fandaminana betsaka miaraka amin'ny



Sahoby, mitaingina ny moto fitondrany miasa

fianakaviany ny asany. Ny tena manahirana azy dia ny fitetezana ireo vohitra mitokamonina amin'ny moto, noho ny tsy fandriampahalemana.

### Mariette, ACP ao Amoron'i Mania

Avy any Betafo, vao 10 taona i Mariette no nahafantatra ny APDRA izay niara-niasa tamin'ny ray aman-dreniny.



© APDRA 2018

Julia, mampahafantatra ny toeram-pamokara'ny mpiompy iray ao Itasy




Mariette, mandray anjara amin'ny asa eny an-tsaha

## Ny Feon'ny Mpiompy Trondro n° 39

Nampirehareha azy ny fiarahan'ny ray aman-dreniny niasa tamin'ny teknisianina. Rehefa lehibe izy dia naniry hianatra momba ny famokarana ambanivo hitra. Niasa tao amin'ny APDRA ny dadatoany ary nitombo ny trondro vokatry ny ray aman-dreniny ka nahatonga azy haniry ny hiasa ao amin'ny APDRA. Nahavita ny fanohanana-kevitra (*master*) momba ny fiompiana trondro an-tanimbary izy ary vao noraisin'ny APDRA Amoron'i Mania ho ACP. Manadihady ny zava-misy izy amin'izao fotoana izao ary mahita fa tena mazoto ny tantsaha. Mazoto hiompy trondro avokoa na ny vehivavy na ny lehilahy aminy satria miara-mahita fa na ny vehivavy aza dia miasa hampandrosoany ny fainany. Ny faharatsian'ny lalana no tena olana sedrainy amin'ny andavanandro.

### Tendro, assistante administrative ao amin'ny faritra Atsinanana

Assistante administrative no asan'i Tendro ao amin'ny APDRA, faritra Atsinanana, hatramin'ny 2014. Tsy dia nidina ifotony loatra izy kanefa naharay voambolana teknika maro ihany. Izy ihany koa no miandraikitra ny lamina fampitaovana amin'ny atrikasa maro amoriana, ao



Tendro, ao anaty biraony ao Vatomandry

amin'ny birao, ireo tantsaha avy amin'ny fari-piasana maro. Ahafahany mihaona amin'ny mpiompy trondro izany ary hitany fa toa mampirehareha azy ireo ny asa ataony.

### Vola, tale ao amin'ny faritra Matsiatra Ambony

ACP tao amin'ny faritra Vakinankaratra no nanombohany niasa tao amin'ny APDRA. Lasa talen'ny birao ao Matsiatra Ambony izy avy eo hatramin'ny nisokafany, ny taona 2009. Tia mihinana trondro hatramin'ny mbola kely izy. Rehefa nianatra teny amin'ny anjerimanontolo izy dia naniry hianatra ny fiompiana trondro saingy tsy nanaraka fiofanana



Vola ao anaty fampiofanana

tamin'izany nandritra ny fotoana nianarany. Tao amin'ny APDRA no nahalalany zavatra betsaka momba ny fiompiana trondro, indrindra tamin'ny alalan'ny asa fikarohana. Amin'ny maha-vehivavy azy dia heveriny fa mora kokoa ny mifandray amin'ny vehivavy tantsaha. Ny vehivavy rahateo no tena voakasiky ny fiompiana trondro satria mitantana ny volan'ny fianakaviana, indrindra ny sakafo. Marihiny fa tokony homena fitokisana ny vehivavy tantsaha sy ny vehivavy mpiasa satria ny vehivavy dia matotra !

### Tsiry, mpandrindra ara-teknika ny PADM

Tsiry ankehitriny no mpandrindra ara-teknika ny tetikasa PADM ao Afovoan-tanin'i Madagasikara. Hatramin'ny taona 2004 no niasany tao amin'ny APDRA ary nandraisany anjara tamin'ny fandrafetana ny torolàlana teknika momba



Tsiry, miasa eny ifotony

ny fiompiana trondro an-tanimbary ao Afovoan-tany fony izy ACP, mialohan'ny nisoloany tena ny APDRA Madagasikara tamin'ny 2006. Lasa tale tao amin'ny faritra Vakinankaratra izy ny 2008, ary tamin'ny 2011, nakambany tamin'ny fandrindrana nasionaly lefitra izany asa izany mialoha ny nahatongavany ho mpandrindra ara-teknikan'ny PADPP2 tamin'ny 2016.


Na dia kely aza ny fahalalany momba ny fiompiana trondro an-tanimbary dia « nangetaheta fahalalana tsy misy fetra teo amin'ny lafiny sosialy sy ara-teknika » izy ka nandalina tsikelikely izany. Nahazatra azy ny tontolon'ny lalàna izay nametra ireo olona mahazo manao famokarana zana-trondro, voatokana ho an'ny mpamokatra zana-trondro tsy miankina (*Producteurs Privés d'Alévins*) ihany, izay mety hisakana ny fandrosoany. Tsy nivoatra firy ny zava-misy ankehitriny ary tsapany fa mitombo ny fitokisan'ny sampampitantan'an'ny Fanjakana ny APDRA izay manohana ny mpamokatra zana-trondro eny anivor'ny tantsaha (*Ecloseries Paysannes*). Mbola maro anefa ny asa izay ampitomboana ny fidiram-bolan'ny tantsaha sy ny fanjarian-tsakafon'ny faritra ambanivo hitra amin'ny alalan'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro. Amin'ny maha-vehivavy azy, tsapany rehefa midina ifotony, fa mora kokoa aminy ny mifandray amin'ireo fianakaviana eny ambanivo hitra.

Ny asany sy ny fainam-pianakaviany dia mitaky fandaminana betsaka aminy. Nandritra ny niasany tao amin'ny APDRA, betsaka ny fivezivezena tsy maintsy nataony tany amin'ny faritra maro eto Madagasikara eny fa hatrany ivelany, mbola kely anefa ny zanany tamin'izany. Hain'ny fianakaviany anefa ny niaina tamin'izany ary nampirisika azy tamin'ny asany izy ireo.

# SAMY HAFA

## RARINTENY

Fenoy amin'ny alalan'ny famaritana etsy ambany ny karakara.



1. Asa atao'nny vehivavy any amin'ny faritra Atsinanana
2. Te ho lasa mpiompy trondro matihanina
3. Gazety feno 14 taona amin'ity taona ity
4. Tsy irery izy eo amin'ny asa fiom-
5. piana trondro
6. ACP izy taloha ka lasa talen'ny APDRA
7. Izy dia mandray anjara amin'ny fiompania trondro
8. Amin'ny alalan'ny asa no andreseny lahatra ny vadiny

Source : APDRA

## TOROHEVITRA - LAKOZIA

### FANENDASANA TRONDRO

Ny fanendasana dia fomba iray tena tsara hitazonana ny tsiro sy ny singa mahavelona ao anatin'ny trondro. Indro atolotray anareo, torohevitra vitsivitsy mifanaraka amin'io fomba fahandro io :

1. Rehefa tsy manana lapaoly tsy mampiraikitra sakafo (*antiadhésive*) ianao dia asio vaingan-tsira aloha ao anaty menaka fanendasana. Tsy mila manisy sira ny trondro intsony ianao amin'izay ary tsy miparitaka ny menaka.
2. Marihina fa somary misy fofona tsy dia tsara loatra ny menaka anendasana. Hanalana izany fofona izany dia asiana ranom-boassary makirana kely fotsiny.
3. Hampatsiro kokoa ny trondro dia arotsahy ao anaty ronono na mena-dronono (*crème fraîche*) aloha vao rarahana lafarinina kely ny trondro hoendasina.
4. Rehefa manendy trondro madinika, tsara raha andrasana hafana tsara ny menaka vao arotsaka. Tokony hovoatana hatrany ilay hafanana aorian'ny fandrotsahana azy. Raha salantsalany kosa ny trondro, arotsahy ao anatin'ny menaka tsy dia mafana loatra. Ampiakaro tsikelikely avy eo ny hafanana.

## NOFON-TRONDRO AMIN'NY SAOSY MOUTARDE

### Fangaro ilaina :

Nofon-trondro 2  
Dibera na menaka 2 sotro fihinanana  
Moutarde 2 sotro fihinanana  
Crème fraîche na mena-dronono 1 sotro fihinanana  
Sira, dipoavatra, tongolo (échalotes), kotomila

### Fikarakarana

1. Asiana sira sy dipoavatra nynofon-trondro ary lafarinina kely
2. Endasina amin'ny dibera na menaka ny tongolo




© pixabay.com

Nofon-trondro amin'ny saosy moutarde

3. Ampiana moutarde miaraka amin'ny rano kely dia afangaro
4. Endasina amin'ny menaka nynofon-trondro
5. Tetehina ny kotomila
6. Araraka eo ambonin'nynofon-trondro ny saosy sy ny kotomila
7. Aroso mafana miaraka amin'ny vary na ovy nendasina.

Mazotoa homana ô !



APDRA  
Pisciculture Paysanne  
Antenne Madagascar  
La Résidence Sociale  
Antsirabe - MADAGASCAR  
Tél. (261) (20) 44 489 89  
[www.apdra.org](http://www.apdra.org)  
[lvrp@apdra.org](mailto:lvrp@apdra.org)

Talen'ny Famoahana  
Barbara Bentz

Tonian'ny Fanoratana  
Sidonie Rasoarimalala

Mpanoratra  
Zo Andrianarinirina  
Julie Mandresilahatra  
Clémentine Maureaud  
Marion Mounayar  
Tsiry Rabarijaona  
Francky Rakotomalala  
Narcisse Randrianasolo  
Patrick Randrianetsy  
Fanomezantsoa Rasolofoniaina  
Vola Ratiarivelio  
Eric Razafimandimbry